“Ny zon’ny silamo amin’ny silamo namany dia dimy : mamaly ny fiarahabana, mamangy ny marary, manatrika fandevenana, mamaly ny fanasana ary famaliana vavaka ny olona mievina.”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A) niteny hoe : Izaho dia nahare an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “Ny zon’ny silamo amin’ny silamo namany dia dimy : mamaly ny fiarahabana, mamangy ny marary, manatrika fandevenana, mamaly ny fanasana ary famaliana vavaka ny olona mievina.”
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Manazava ny ampahany amin'ireo zon'ny silamo amin'ny rahalahiny silamo i Mpaminany (S.A.W). Ny voalohany amin'ireo zo ireo dia ny mamaly ny fiarahabana amin'izay miarahaba anao. Ny zo faharoa : Famangiana ny marary sy ny fitsidihana azy. Ny zo fahatelo : Manaraka ny faty avy ao an-tranony ka mankany amin’ny toeram-pivavahana avy eo dia mitohy mankany amin’ny fasana mandra-pandevenana azy. ny zo faha-efatra : Mamaly ny fanasana raha manasa anao amin'ny fampiakaram-bady sy ny hafa. Ny zo fahadimy : Fangataham-pitahina ho an'ny olona mievina, izany dia amin'ny alàlan'ny fitenenana hoe : "YARHAMOKALLAHO" raha avy nidera an'I Allah izy. Ary mamaly ilay mpievina hoe : "Yahdikommolaho Wa yosliho Baalakom", Izay midika hoe : Allah anie hitari-dàlana anao sy handamina ny sainao.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3706